

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Mpanasitrana ny Torotoro Fo

Tsy handao ny olony ny Tompo.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Ao amin’ny Salamo 147:2–3 dia mamaky isika hoe:

> “Manangana an'i Jerosalema Jehovah;
> Mamory ny Isiraely voaroaka Izy.
> Mahasitrana ny torotoro fo Izy sy mamehy ny feriny.”

Teny mahafinaritra ireo, fa ny tena mampientam-po momban'izy ireo dia ny fahatanterahan'izany amin'ity taranaka ity, amin'ny androm-piainantsika.

Hitako ny fahatanterahan'ireo teny ireo. Nànana tombony nipetraka tao Jerosalema Jiosy indray aho tamin’ny Mey 1948, rehefa teraka ny Fanjakan’ny Isiraely taorian’ny roa arivo taona. Ankehitriny, dia manangana an’i Jerosalema ny Tompo. Manangona ny Isiraelita babo Izy. Manasitrana ny torotoro fo Izy ary mamehy ny feriny.

Vaovao tsara ho an'izay rehetra miverina amin'Andriamanitra izany. Vaovao tsara ho an’ny Isiraely, vahoakan’Andriamanitra izany. Vaovao tsara ho an’ny fiangonan’i Jesosy Kristy ihany koa izany satria Andriamanitra izay nanangona an’i Isiraely no mamory ny fiangonana ho eo amin’ny Tenany indray, mitondra antsika ho amin’ny lovantsika, manasitrana ny ratrantsika, ary mamehy ny fontsika torotoro.

Misy asa fanompoan’ny Fanahy Masina mitohy izay tena miavaka —asa fanompoana ho an’ireo torotoro fo. Fanompoana ho an’ireo izay maratra ny fony. Raha mitahiry ratra ao anatinao ianao, dia miverena amin’Andriamanitra ary mitenena hoe: “Andriamanitra ô, izao no fotoanan’ny famerenana amin’ny laoniny. Fotoana fanangonana indray izao. Manasitrana ny torotoro fo lanao. Fehezinao ny feriny. Tompo ô, Fantatrao ny ratra notehiriziko ela tao am-poko. Hanasitrana ahy va lanao?”

Ary ny rantsan-tànan'Andriamanitra tsy hita maso, ny Fanahy Masina, dia hidina amin’ny tsirairay any amin'izay toerana tsy tratrin’ny mpandidy ary hikasika ilay toerana maratra eo amin'ny fiainanao mba hitondrana fanasitranana sy famerenana amin’ny laoniny.

© 2008 - Dries Du Plessis

Misaotra Anao, Tompo ô, fa manolo-tena ho an'ny Isiraely lanao. Mifona ho an'io firenena io aho ankehitriny. Manambara aho fa tahaka ny anasitranan'Andriamanitra ny torotoro fo sy ny famehezana ny ratra ho an'ny Isiraely, no Hitondrany fanasitranana sy famerenana amin'ny laoniny ny fiainako, satria tsy hahafoy ny Olony ny Tompo, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-087-MLG
Nohavaozina farany: 05 Nov 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

